## Famahana ny fitohanan'ny fifamoivoizana

# Manaiky ny fandaminan'ny CUA ireo mpivarotra amoron-dàlana 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 5 febroary 2019 Laharana 870 Vidiny : 400 Ar


**I Korintiana 12: 4-6** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 108), Madagasikara 03 febroary 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Antenimierampirenena** 2

# Resaka malety nandehandeha indray



**Toerana tsy azo ijanonana** 7

# Manomboka manasazy ireo fiarakodia ny CUA





**KAOMININA IVATO** 6

## Zokiolona sahirana ara-pivelomana miisa 3000 nahazo fanampiana



**Vohemara** 2

## Lehilahy iray matin'ny fitsaram-bahoaka

**Voin-kava-mahatratra** 2

## Misy ny tolo-tanana ho an'i Vololona mpitolona tao amin'ny Magro

**Ambatondrazaka** 3

## Nifampiarahaba tratry ny taona ny K25

**Daka kely**

Toa tsy ao amin'ny PGE akory ny Building sy ny puce-n'omby ry Boaikely a !

**Varotra tratry ny fandraraka** 6

## Navotan'i Mr Haja tao anatin'ny fotoana fohy



BORIBORITANY FAHA-4 (CUA)

## Misy vatobe maromaro ahiana mbola hidaraboka

Noho ny fianjeran'ny vatobe izay nitranga teny Ampamarinana ny alahady teo, izay nahafatesana olona 4 sy naharatrana olona miisa 11 dia nandray ny andraikiny ny ao anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nanao rodobe nijery ifotony teny an-toerana ny zava-nitranga ny delegasiona, notarihan' ny Delege ny boriboritany faha efatra, ny sampana GRC (gestion de risque et catastrophe) ao anivon'ny CUA, ny mpamonjy voina (pompier) ary ny DAJ (Direction des affaires juridiques et contencieux, niampy ny


*Vatobe ahiana mbola hidaraboka eny Ampamarinana.*

Fokontany teny an-toerana no nanatanteraka izany. Ny asa dia niompana tanteraka tamin'ny fijerena ireo vatobe mbola hatahorana hitera-doza miampy ny fanomezana ny fampitandremana ireo tompontrano izay manana trano amin'ireny toerana ahiana ireny, ny hialany avy hatrany ny toerana. Raha ny voatsirika dia mbola miisa enina ireo vatobe izay mbola mety hihotsaka, ka atahorana hitera-doza, anisan'izany ny faritra Ambatobevanja, Ambatovinaky izay ao anatin'ny Boriboritany voalohany. Marihina fa tao anatin'ny 15 andro dia efa tafakatra 22 izay ny namoy ny aina, ka noho izany manentana hatrany indray ny ao anivon'ny CUA ny hialana haingana amin' ireny faritra voalaza atahoarana ireny ho fisorohana ny loza tahak'izao.

***Helisoa***

Mamonjy Ny Rina

## Tsy tongatonga foana ireo loza mitranga eto amin'ny firenena ankehitriny

Mitondra ny heviny momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana i Mamonjy Ny Rina, izay mpikatroka mpiara-dia amin'ny Filoha Marc Ravalomanana any Toamasina. Rehefa ny zanak'i Dada no miteny dia hoe alahelon-toerana na tsy fahazakana resy izany hoy izy, nefa natao ihany ny tsy hiteny fa tsy mety ny saina hoy ity mpitolona ity. Vato mianjera ; tondra-drano ; fiaramanidina mianjera ; sns.... Tsy sanatria akory mandatsa ireo Malagasy mitovy amin'ny tena fa tsy mbola nisy toa izao tamin'ny tantaran'i Madagasikara. Tsy azo hodian-tsy hita ny nisehoan'izany tamin'ny andro nanaovan'ny Filoha vaovao fianianana. Tsy hijery izany araka ny


*Mamonjy Ny Rina, Zanak'i Dada any Toamasina.*

maha olona tsotra sy ny fomba fanao Malagasy ny tenako fa hijery kosa amin'ny maha Kristianina ; tsy tongatonga ho azy velively ireny. Tsy mbola hitondra fanazavana momba izany eto ny tenako androany hoy izy, fa andeha aloha ho hita eo indray ny tohiny ary ahafahana manaporofo ny teny nambara ; amin'izay fotoana izay dia inoako, fa feno ny fepetra ahafahana mitondra fanazavana ary hampahatsiahy ihany koa ny efa nambara. Andriamanitra tsy mba tsy marina ny Andriamanintsika ary manana ny sitrapony ary izy ihany koa no tompon'ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany ; tsy azo sandaina vola ny fahamarinany. Mankahery sy mirary fiononana feno ireo Malagasy toa ahy niharam-boina ny tenako. Mivavaha ho an'ny firenentsika ary aoka samy hangataka ny hisehoan' ny voninahiny hoy ihany i Mamonjy Ny Rina.

***Ny Valosoa***

Liva, Kmfb

## Fanamboarana ny Rova, hakan'ny fitondrana ny fon'Antananarivo

Mbola tsy afaka ao ampon'ny malagasy maro ny hala-bato sy bontolo manarapenitra natao teto amin'ny firenena nandritra ny fifidianana izay ho filoham-pirenena ny volana Novambra, sy Desambra 2018 lasa teo iny, hoy i Liva avy amin' ny KMFB. Nisy ny hetsika fanoherana izany hala-bato izany. Notakiana tamin'izany ny hanaovana fampitahana mba hivoahan'ny valimpifidianana tena marina. Tsy nahomby anefa izany, satria « Ny marina mitavozavoza tokoa mantsy hono, tsy maharesy ny lainga tsara lahatra ». Tsy any intsony rahateo ny olana satria Andriamatoa Andry Rajoelina no voatendry ho filohampirenena malagasy hitondra ny tany sy ny



fanjakana. Na tiana anefa na tsy tiana, dia tsapa fa tena tsy mahatoky tena ny fitondrana Rajoelina, satria mahatsapa fa tsy miaraka aminy tokoa ny vahoaka. Noho izany, dia tsy maintsy manao ezaka hahazoana olom-boafidy maro haha-marin-toerana ny fanjakany Andriamatoa Rajoelina sy ny ekipany. Ankoatra ny fifidianana solombavambahoaka, dia manan-danja lehibe ihany koa ny fifidianana ben'ny tanàna. Izany indrindra no mahatonga ny minisitry ny kolontsaina Ramatoa Lalatiana Rakotondrazafy milaza fa hamboarina ary ho vitàna ao anatin'ny fotoana fohy ny Rovan'i Manjakamiadana. Tsy ratsy akory ny fanamboarana ny Rova, saingy mipetraka ny fanontaniana hoe : izany ve no hamehana eo anatrehan'ny fahasahiranambahoaka misy ankehitriny ? Ny marina dia te haka ny fon'Antananarivo Ramatoa Lalatiana Rakotondrazafy sy Rajoelina, satria niomana ary mbola miomana ny haka ny toeran'izany ben'ny tananan'Antananarivo izany ny tenany amin'ny fifidianana ho avy eo. Ho an'Andriamatoa Liva, dia sarotra ary tena mbola sarotra izany. Mijanona ho nofinofin-dRamatoa Lalatiana, tahaka ny nofy rehetra ihany aloha izany hatreto.

***Ny Valosoa***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

Antenimierampirenena

## Resaka malety, nandehandeha indray

Tsy misy intsony ny adihevitra eto fa fitondrana vaovao no misy eto Madagasikara manomboka izao, ao anatin'izany raha ny tokony ho izy dia tokony ho zavabaovao no ho hita eto amin'ny firenena, na eo amin'ny toetsaina io na ny fomba fiasa. Raha ny zavamisy anefa ety am-piandohàna dia toa ny mifanohitra amin'izany ihany no hita satria toa ilay fitondràna fotsiny no miova, fa ilay fomba nisy teo aloha ihany no mbola manjaka. Raha ny zavatra hita teny amin'ny Antenimierampirenena fotsiny no asiana resaka eto dia toa hita soritra ihany ny mety ho fisian'ny fizaràna malety izay nalaza be tamin'ny fitondràna HVM. Mahalasa saina tokoa mantsy araka ny fandinihan'ny maro azy fa tena moramora mihintsy ny fandanian'ireo depiote miisa 100 latsaka kely fanolorana ny fahefana feno hanao didy hitsivolana misolo toerana azy ireo ho an'ny filoha napetraky ny CENI sy ny HCC, Andry Rajoelina. Toa manome basy namonoana ny tenany tokoa mantsy ireo depiote tamin'ny fandaniana iny volavolan-dalàna iny teny Tsimbazaza. Mahagaga ihany fa io lalàna io dia manome vahana ny fitondràna sady handidy no homana. 48 ny depiote MAPAR 1,2, 3, rehefa nisaraka izy ireo dia lasa 26 sisa. Rehefa tonga anefa ny fifidianana io lalàna io dia lasa 95 ankoatra ny TIM no nandany ny lalàna. Eto tsy mahagaga raha miteny ny olompirenena fa nisy ny MALETY mahagaga nanova ny fomba fijerin'ny depiote satria ny fifidianana koa ity volabe ny sarany haloan'ireo izay maniry hirotsaka. Sitrany ahay kosa aloha mba mahafaka izay ho afany e?

***Helisoa***

Voin-kava-mahatratra

## Misy ny tolo-tanana ho an'i Vololona mpitolona tao amin'ny Magro

Misy amin'izao fotoana ny tolo-tanana ho fanampiana an'i Vololona, anisan'ny mpitolona mpitarika ny vehivavy, tao amin'ny kianjan'ny Finoana Magro Behoririka. « Fa hianao Jehovah no … nanankinana ahy hatrany am-bohoka; hatrany an-kibon-dreniko dia Andriamanitro hianao » Salamo 22 : 9 – 10. « Eny tokoa, fahasoavana sy famindram-po no hanaraka


*I Vololona, mpitolona teo amin'ny Magro, mila ny fanohanan'ny rehetra amin'ny fitsaboana azy.*

ahy amin'ny andro rehetra hiainako, dia hitoetra ao an-tranon'i Jehovah andro lava aho » Salamo 23 : 6, no loha-hevitra amin'izaany. Ho fanohanana sy fonohizana amin'ny fitsaboana (pacemaker) mahakasika ny fo ny namana ramatoa Rasoavololona Elisabeth (na Vololona mpitarika ny vehivavy mpitolona 6ème Arrondissement teo amin'ny Magro), dia misy ny fangatahana tolo-tanana sy fanampiana amin'ny namana rehetra amin'ny fitsaboana azy. Hisy noho izany hetsika hatao ho fitadiavam-bola ho an'ny rehetra, handraisana anjara amin'ny déjeuner dansant, izay hatao eny amin'ny Espace Ny Andrisoa Amborompotsy Talatamaty ny alahady faha 31 martsa 2019 manomboka amin'ny 12 ora antoandro, ny fotoana dia hafanain'ny tarika Izy Mianaka, ny saran'ny fidirana dia 40.000 Ar. Ho an'izay hanao tolotanana manokana dia misy ny compte Mvola : 034 36 224 38 ary koa ahafahana manontany ny andinindininy momba izany. «… Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray » Asa 20 : 35. Marihana fa ny pacemaker dia fametrahana pile iray (vatoaratra) manampy amin'ny fitempon'ny fo, izany hoe manampy betsaka amin'ny fiasan'ny fo, mila vola be io pile io izay no mahatonga izao fanatanterahana tolo-tanana izao.

***Ny Valosoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Miala amin'ny lalan'ny demôkrasia isika izany izao

Miroso amin'ny lalana miala amin'ny demôkrasia isika manomboka amin'ity andron'ny talata ity. Ny hanazavana izany, dia tapitra ny fe-potoam-piasan'ireo solombavambahoaka na depiote izay misolo tena ny vahoaka. Tsy vitan'izay anefa, fa nolanian'izy ireo ny fanomezana ny fahefana feno ho an'ny filohan'ny Repoblika amin'ny famoahana lalàna amin'ny alalan'ny didy hitsivolana, izay fahefana teo am-pelatanan'izy ireo. Fahefana roa lehibe izany izao no eo am-pelatanan'ny filohan'ny Repoblika, dia ny fahefana mpanatanteraka (pouvoir éxécutif) sy ny fahefana mpanao lalàna (pouvoir législatif). Efa nambarantsika tamin'ny laharan'ny gazety farany teo fa tandindonin-doza ny firenena amin'izany, satria mizotra mankany amin'ny jadona ny fitondran'ny filoha Andry Rajoelina. Tonga dia handidy sy hanapaka izy manomboka izao amin'ny lalàna samy hafa, satria tsy hisy fahefana mpanara-maso intsony satria dia hihantona na tsy hisy intsony ny Antenimierampirenena mandra-pivalin'ny fifidianana ao aorian'ny 27 mey hanatanterahana ny fifidianana solombavambahoaka vaovao. Ny Antenimierandoholona no mbola ho eo kanefa dia ho kofehy mpanara-panjaitra ihany ity andrimpanjakana ity, satria eny amin'ny Antenimierampirenena no loha-laharana kokoa raha resaka fanaovan-dalàna sy fifandanjam-pahefana eo amin'ny mpanatanteraka sy ny mpanao lalàna. Ankoatra izany, tsy misy afa-tsy ny fahefana mpitsara (pouvoir judiciaire) sisa no mihataka tsy eo am-pelatanany manomboka izao ary haharitra hatramin'ny mandra-pifidy ireo solombavambahoaka vaovao indray afaka dimy volana eo izany fahefana roa nomena azy izany. Iry fahefana farany koa anefa dia misy olona avy amin'ny filohan'ny repoblika, ka mazava loatra fa saiky mivangongo eo aminy avokoa izany ny fahefana. Midika mazava izany fa miàla amin'ny zotran'ny demôkrasia ny firenena satria ny demôkrasia na ny firenena demôkratika dia tsy maintsy manaja ny fisian'ireo sy fizaran'ireo mazava tsara fa tsy mifandray sy mivangongo eo am-pelatanan'olon-tokana. Fepetra tsy maintsy arahina ny fisian'ny Antenimierampirenena farafahakeliny amin'ny tany demôkratika. Ny filazan'ireo manam-pahefana aza matetika, rehefa mitranga ny fikasam-bahoaka hidina an-dalambe ka raràn'izy ireo, dia hoe efa misy ny solontenanareo afaka hitondra ny hevitrareo, izany no demôkrasia. Ka n'inona n'inona fanazavana, toy ny hoe tranga manokana izao na zavatra hafa, dia ny hita aloha ( constat) dia izay, miàla amin'ny lalan'ny demôkrasia i Madagasikara. Misy fahadisoana izany ny namolavolana ny lalampanorenana ho amin'ny lalan-kizoran'ity firenena ity raha toy izay ny fandehany. Hiandry ny fahendren'ny mpitondra ve ny raharaha manoloana izany? Misy ny fanapahan-kevitra tsy maintsy horaisina ao anatin'izany fotoana amambolana maro izany. Mety hifanaraka amin'ny irian'ny maro izany kanefa koa tsy voatery hifanaraka amin'izany fa mety hahasorena mafy ny olom-pirenena maro. Inona anefa no ho azony atao eo, fa ny filohan'ny Repoblika afaka mandidy dia homana, izay no lalàna iainana. Adihevitra araka izany eny amin'ny hatraiza ny fahafantaran'ny vahoaka, ilay tompom-pahefana nampindrana, izao toe-java-misy eto amin'ny firenena izao?

***Sôh'son***

Ambatondrazaka

# Nifampiarahaba tratry ny taona vaovao ny k25

Notontosaina ny faha-02 febroary 2019 lasa teo, tao amin'ny efitrano malalaka ao amin'ny Belle Rive ny lanonana fifampiarahabana tratry ny taona vaovao ho an'ny K25 Ambatondrazaka. Nitarika ny lanonana ny Filohan'izany, Ralambomanana Jacky Liva na i Liva Mozambika, notronin'ireo rehetra izay niara-dia tamin'iny fampielezan-kevitra farany teo iny. Nandritra ity lanonana ity no nanamafisana indray fa tsy isaraka ny rehetra fa anambatra ny herin'izy ireo amin'ireo fifidianana izay hatrehina eo ary hanaraka hatrany ny baikon'ny Filoha Ravalomanana Marc, sady tsy hivoana amin'izany. Tsy maintsy arindra ny fiatrehana ny fifidianana izay ho solombavambahoaka hoy izy ireo ary aseho ny rehetra fa tsy miala amin'i Dada ny vahoakan' Ambatondrazaka. Na dia teo aza ny lazaina ho faharesena nandritra ny fihodinana faharoa iny dia tsy misy miondrika amin'izany eto hoy Ralambomanana Jacky Liva, fa mbola vonona hatrany ny hiatrika ny ho avy rehetra ary tsy misy miala amin'i Dada, fa hiaraka aminy foana. Nanentana ny rehetra ihany koa i Liva Mozambika mba hifanome tanana amin'ny sehatra rehetra indrindra ny fampandrosoana ny tanàna, mba ho fitsinjovana ny vahoaka izay hita fa tena reraka tokoa. Mila firaisankina izany hoy izy mba ho porofo fa vahoaka modely ny vahoakan'i Dada. Vonona ny mpiara-dia amin'i Dada ny hiatrika ny fifidianana izay hiseho eo hoy hatrany i Liva Mozambika nandritra ity lanonana ity, izay nisian'ny fiaraha-miramarama sy ny dihy, ka ny masoandro nilentika no nampalahelo. Marihina fa vory lanona tao avokoa ireo mpanaradia an'i Dada tato anatin'ny distrikan' Ambatondrazaka tamin'io fotoana io.

***Raoul***



***Liva Mozambika nandritra ny lanonana ny sabotsy teo tany Ambatondrazaka.***

Famahana ny fitohanan'ny fifamoivoizana

# Manaiky ny fandaminan'ny CUA ireo mpivarotra amoron-dalana

Taorian'ny fihanonana teo amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny prefektiora ary ny polisy nasionaly manerana ny boriborintany 6, mikasika ny famahana olan'ny fitohanan'ny fiara eto andrenivohitra sy ny manodidina dia nidina ifotony teny amin'ny Analakely manoloana ny pavillon Analakely ny avy ao amin'ny CUA, notarihin'ny sekretera jeneraly Heriniaina Razafimahefa, ny lefitra faharoan' ny ben'ny tanàna Todisoa Andriamampandry Manampy ary ny delegen'ny boriborintany voalohany Bernard Joseph. Tao anatin'izany no nanambaràn'ny avy ao amin'ny CUA fa tsy maintsy hajaina ny lalàna : ny arabe natao ho an'ny fiarakodia ka tsy azo ivarotana intsony, ny trottoir ho an'ny mpandeha tongotra. Nankasitraka izao fandaminana izao ny mpivarotra amoron-dalana nihaona tamin'ny tompon'andraikitry ny CUA. Na izany aza dia misy ny fandaminana tsy maintsy atao hitsinjovana ny rehetra hoy ny sekretera jeneralin'ny kaominina Heriniaina Razafimahefa amin'ny fanarahana ny lalàna. Ao anatin'izany dia tsy maintsy manaraka hitsy na alignement araka ny lalàna napetraky ny CUA ny mpivarotra rehetra amin'ny asa ataony fa tsy mahazo mibahana be amin'ny toerana izay ivarotany.



***SG ny CUA Heriniaina Razafimahefa (kasikety fotsy).***

***Helisoa***

Loza teny Ampamarinana

# Nitsapa alahelo ny fianakavian'ireo niharamboina ny CUA

Raha vao naheno ny loza teny Ampamarinana ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA), dia avy hatrany dia nandray andraikitra ny sampana mpamonjy voina sy ny ekipa teknika ao amin'ny tanànan'Antananarivo namonjy ireo traboina teny an-toerana. Nisy ny aina nafoy ary maro ireo naratra, tsy nitazam-potsiny ny loza nanjo ireo mponina ny fiadidiana ny tanànan' Antananarivo notarihin' ny lefitra voalohan' ny ben'ny tanàna Olivier Randrianarisoa sy ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ny boriborintany faha 4, Félix Randriamandimbisoa fa tonga nitsapa alahelo ny fianakavian'ireo namoy ny ainy ary nitondra fanampiana ho an'ireo naratra tamin'izany, izay tsaboina ao amin'ny hopitaly HJRA Ampefiloha.



***Helisoa***

### TONONKALO

## Demokrasia manavia

Demokrasia izay nohirahiraina
Fa tokony hapetraka sy hampanjakaina,
No indro tsy tantin-dry foza sahady,
Ary indreny `zareo f`efa manangana ady !

Ny mpanao gazety no enjehiny mafy,
Ka lasa matahotra sy mihafihafy.
Raha vao mba miteny dia ampanantsoina,
(Tebahina ery sady pempopempoina!)

Kanefa vao tsy ela fa volana vitsy,
Dia tena ry Ikalabemolotra mihitsy,
No nampiasa teny sy tsy mba nitsitsy,
Nanenjika "ny atsy" sy niady amin`"itsy"!

Satria nihevi-tena ho tsy misy toa azy.
(Kanefa mampiaiky an`ireo "ekipazy"!)
Satria toy ny "baolina" sendra "godasy",
Ka "dakadakaina" sy "apasipasy" !

... Fa tsy hain-dry zareo ny demokrasia,
Na taranja tsy tiany ary koa manavia.
Tsy nampoiziny fa mety hiteraka loza
Ka indro sahirana mafy ry foza !

***DADAN`i ZINA (01-02-19)***

**Fikambanana FIMPAVA**

## Hamerina ny hasin'ny Pavillon 'Analakely indray



*Nofefen'ny FIMPAVA ny trottoir manoloana ny pavillon Analakely.*

Ny fikambanan'ny mpivarotra ao amin'ny Pavillon Analakely, FIMPAVA dia mijery mandrakariva ny hampandroso ny asa fiveloman'izy ireo ao anatin'ny filaminana. Efa nisy ny fanatsarana ny fotodrafitr'asa, indrindra nandritra ny herintaona nitantanan'ireo birao vaovaon'ny fikambanana FIMPAVA, tarihin'ny filohany Rakotonirina Claude. Tao anatin'izany, nisy ny fametahana jiro manazava ny tsena iadiana amin'ny tsy fandriampahalemana. Ankehitriny, nangataka tamin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ny fikambanana FIMPAVA mba hametahan'izy ireo fefy hanatsaràna ny endriky ny Pavillon. Eto izahay hoy ny filoha Rakotonirina Claude dia misaotra ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana tamin'ny nanomezany alalana anay. Teo ihany koa ny nisian'ny fiarahamiasa matotra teo aminay mpivarotra sy ny tanànan'Antananarivo. Rehefa vita io fefy io dia hatolotra ny fikambanana ny asa vita, eo indray izahay mahita ny asa manaraka tokony hatao hoy ny filoha lefitra Lantoniaina Sarah. Marihina fa vokatry ny tsipaipaika nataon'ny mpivarotra ao amin'ny Pavillon Analakely no nahatanterahana izao asa izao hoy izy.

***Helisoa***

**Boriboritany faha-3 (CUA)**

## Nifampiarahaba tratry ny taona ny mpiasa sy ny mpitantana



*Ny Asaramanitry ny Boriboritany faha-3 tetsy Ankadifotsy.*

Nanao lanonana fifampiarahabana nahatratra ny taona vaovao 2019, tetsy amin'ny Espace Aokalou Maintsoririnina (Skate Parc) Ankadifotsy, ny mpiasan'ny Boriboritany fahatelo, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny zoma lasa teo. Tonga nitarika sy nanome voninahitra ny lanonana, ny Delegen'ny Boriboritany Hery Razafintsalama sy ny Solombavabahoaka voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-3, Mamy Rajaonson ary ireo Mpanolotsaina ny tanàna, izay voafidy tao amin'ny Boriboritany. Ny anton'izao fety izao koa dia mba hisian' ny firaisankina sy ny fihavanana eo amin'izy ireo ary indrindra indrindra ny fifampitokisana. Eo ihany koa ny fandraisana ny taona vaovao am-pifaliana mba hahafinaritra hatrany ny fiaraha- miasa eo amin'ny roa tonta dia ny mpiasa sy ny mpitantana. Mbola naneho firarintsoa sy fisaorana ho an'ireo mpiasa ny mpitantana ary ny Solombavabahoaka kosa dia nitsodrano azy ireo amin'ny asa izay mbola ho diaviny. Nisy ny sakafo niarahana tamin' izany sy ny korana, ka ny masoandro nilentika no nampalahelo. Naneho tanteraka ny hafaliany ireo mpiasa, izay fotoana mba hialana voly satria efa reraky ny asa andavanandro izy ireo, indrindra indrindra ireo mpamafa lalana sy ny mpiasa eny an-tsena, izay anisan'ny tena miasa mafy. Nanao fanamiana goaika mitovy, izay mampiavaka azy ireo ny mpiasa, izay fitondra amin'ny fety toy izao.

***Aly***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

*Njaka, Helisoa*

**Ny kaominina Ivato nizara fanampiana ho an'ireo zokiolona.**









## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy gasy** indray no laoka amin'ny pejin'ny Sakfo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia sy ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Tsy tsara ampiarahana loatra ny yaourt sy ny voankazo

Tsy tsara ampiarahana loatra ny yaourt sy ny voankazo, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Tandrefo fa tsy azo ampiarahina ny Yaourt sy ny Voankazo. Mampiadana ny fandevonan-kanina ary misy fiantraikany mivantana any amin'ny tsinay ny fihinanana ny yaourt miaraka amin'ny voankazo. Misy singa mampivadika ny siramamy amin'ny voankazo ho lasa poizina mantsy ny yaourt, ka mety hahatonga « allérgie » na sery izany. Afaka ampiarahina amin'ny tantely, na canelle na ihany koa raisins secs kosa anefa ny yaourt raha te hanisy fangarony.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Tsaratanana any amin'ny faritra Betsiboka

Ny tanànan'i Tsaratanana any amin'ny faritra Betsiboka indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'i Tsaratanana. 350 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mampalaza an'i Tsaratanana sy ny manodidina azy ny fitrandrahana volamena.



## I Korintiana 12: 4-6

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 108), Madagasikara 03 febroary 2019

***I Korintiana 12: 4-6 "Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny asa, nefa Jehovah Andriamanitra dia iray ihany, Izay miasa ny zavatra rehetra amin'ny olona rehetra."***

Ry izao tontolo izao o! Tsy misy tompon'ity tany ity hianareo, tsy misy nahavita olombelona izany. Na fisainana, na fahalalana, na hery, na tanjaka, na voninahitra, na laza eny hatramin'ny fanapahana. Hoy AHO JEHOVAH tetsy ambony: ho tokana ny zava-drehetra, fantatro fa hampisy adi-hevitra izany, tsy hampino ny sasany koa, misy aza tsy ho faly mihitsy. Izao fotsiny no lazaiko anareo olombelona. ***Matio 19: 26*** *"Ary Jesosy nijery azy ka nanao taminy hoe: Tsy hain'ny olona izany, fa hain'Andriamanitra ny zavatra rehetra."* Tsy hain'olombelona izany fa haiko JEHOVAH ny zavatra rehetra. Matoa nomena sy nozaraina ny Fanomezam-pahasoavana dia ny mba haha-tokana ny zava-drehetra sy ny hitoviana ho iray tsy mizarazara. JESOSY raha nanome dia tokana sy iray no nanomezany zava-drehetra fa hianareo kosa raha nahazo dia ny hizarazara sy hitsitokotoko. Indrindra moa tsy fantatrareo ny dikan'ny Fahasoavana ka izay manana sy nomena izany dia manao izany ho fitadiavambola, ho fifaninanana sy fifampiandaniana, ny zava-doza dia velona ny ady, teraka ny fialonana. Ny fiafarany? Tsy mandroso ny Fiangonana fa samy maka ho azy, kanefa ny antom-pisian'ny Fiangonana dia ny mba hanehoana ireny Fanomezam-pahasoavana ireny handrafetana an'i JESOSY ho tokana tsy mizarazara hianareo izany rehefa vita ireo dingana dimy ireo ka tsy miovaova, tsy mivadibadika, miorina tsara, dia ny Fanomezam-pahasoavana no endriky ny Fahasoavan'ny Lanitra iainan'ny mino ambonin'ny tany, ZAVA-PANAHY izany. JESOSY dia nizara Zava-panahy ho an'ny Apostoly 12 nahafahana nampandroso ny asa, nitory ny Filazantsara, nampitombo ny mpianatra, nanasitrana aretina maro, nanao fahagagana sy famantarana, izany anefa dia niafara tamin'ny gadra sy fanenjehana mafy. Soa JESOSY fa efa nanome toky hatrany ny amin'ny Fanantenana ny zavatra rehetra. ***I Korintiana 15: 57-58*** *"Fa isaorana anie Jehovah Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Koa amin'izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefa be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo."* Ireto ary ny amin'ny zava-panahy samy hafa ka tokony ho fantatrareo. ***I Korintiana 12: 1-14*** *"Ary ny amin'ny zava-panahy, ry rahalahy, dia tsy tiako tsy ho fantatrareo. Fantatrareo fa fony jentilisa ianareo, dia nentina tany amin'ny sampy moana araka izay nitaomana anareo. Koa mampahafantatra anareo aho fa tsy misy olona ampitenenin'ny Fanahin'i Jehovah Andriamanitra ka manao hoe: Voaozona Jesosy; ary tsy misy mahay manaiky hoe : Jesosy no Tompo, raha tsy amin'ny Fanahy Masina. Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny asa, nefa Jehovah Andriamanitra dia iray ihany, Izay miasa ny zavatra rehetra amin'ny olona rehetra. Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa. Fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany,ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra. Ireo rehetra ireo dia asan'ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony. Fa tahaka ny tena iray ihany, anefa maro no momba ny tena, ary ireo rehetra momba ny tena ireo, na dia maro aza, dia tena iray ihany, dia tahaka izany koa Kristy.Fa Fanahy iray ihany no nanaovam-batisa antsika rehetra ho tena iray, na Jiosy an jentilisa, na andevo na tsy andevo; ary isika rehetra dia efa nampisotroina ny Fanahy iray. Nefa ny momba ny tena tsy iray, fa maro."*. Raha tsy misy zava-panahy nomena anareo dia zava-poana ny zava-drehetra, ary ny tsy fahalalana izany, ny tsy fahatakarana izany indrindra fa ny tsy fampiasana azy ireny dia miteraka fahavana. Ny fampiasana ny Fanomezam-pahasoavana no mandrafitra ny ASAKO ho tokana, manandratra anareo, mampandroso ny ara-panahy, mampitombo ara-panahy, manome alalana ny Fanahy Masina hiditra antsehatra, mampanjaka an'i JESOSY amin'izay atao, amin'izay aleha. Ny fiasan'ny Fanomezam-pahasoavana dia voalaza sy voasoratra ao amin'ny I Korintiana 12: 1-14. Hitanareo amin'izany fa ny Fanahy dia iray ihany fa zarazaraina mba hiasa. Izany no maha-iray ny mpanompoko rehetra izay mino an'i JESOSY rehetra indrindra izay matahotra AHY JEHOVAH. Aoka izay manana ny FANAHIKO ao anatiny hifanaja, hifanampy, hifankatia sy hifanome voninahitra satria FANAHY iray ihany no ao anatiny, FANAHY mitovy koa e! Raha toa ka ilay FANAHY nomena sy nozaraina taminareo, kanefa iray ihany no ao anatinareo sy miasa eo aminareo, tsy miady izany, tsy mifanohitra izany FANAHY izany fa miaraka tsara, mifanaraka tsara satria mitovy fatratra, mahay miara-miasa fa tsy mifanilikilika izany na oviana na oviana.

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

***Ohabolana 11:27***

*Izay fatra-pikatsaka ny tsara no mitady ny mahafinaritra; fa izay mitady ny ratsy dia hiharan'izany.*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Mitady tsy hahazaka demokrasia sahady Lalatiana sy Rajoelina

**Marius Rakotoson :** mahagaga ihany le fanambaran'i Rtoa Ministre ny serasera hoe tsy azo atao intsony no micritique fiainan'olona manokana, maniratsira manapahefana @ tambazotra sera sera sns…

Asa iza moa le niteny taloha hoe : « ressort e ! » « Akanjo mananasy e ! »???

Hein…. Toerana mandalo io Rtoa Ministre ka heritrereto ny zavatra natao vao mapitandrina olona.

**Ryan Zo Maminiaina :** efa az ny fitondrana ku.

**Ravaka Rakotomanana :** hahaha itako izy nangina koa... za koa leo be mihaino feony @ radio isanandro, izy no tena mpanenjika olona amin'ny radio, tsy ny radio ihany fa ny gazetiny Free News koa.

**Celia Hanta :** marina mihintsy! manao olona tsy avadibadika ny lela.

**Jean Marie Rakotomalala :** ny fitondrana teo aloha no gaboraraka ka aleo kosa hanara-dalàna @ izay, ianareo nitondra teo aloha kay inona no tsy nisamboranareo azy naniratsira izany, ndao mba hiova sa de ho tohizana le bordel t@ fitondran'i rajaonarimampianina ve?

**Rakotondrazafy Raly :** ko naninona t@ fitondran-dravalo lazaina f didijadona f amnzao ko eo fanarahandalana? Fampanarahan-dalàna koa no nataon'ny fitondrana Marc Ravalomanana.

**Manda Raseta :** ny fanjakana teo aloha nahazaka demôkrasia sy nampandala demokrasia , izany no tsy nanasazian'i hery rajaonarimampianina an'ireo mpanao gazety nanaratsy hoe ressort sy hoe mananasy tamin'ireny, fa ito fitondrana vaovao ito tsy mahazaka demôkrasia, ka mitady ny hangeja vahoaka amin'ny fanaovana menace sahady.

**Eric Ran :** ohatran'ny kianjan'ny demokrasia ihany io koa! Sokafana aloha hakàna fahefana dia rehefa mahazo fahefana dia hidina avy eo. Dia tsy mahazaka depokrasia mihitsy Andry Rajoelina sy Lalatiana Rakotondrazafy.

**Tsalo Rkt :** tsy misy mihaino an'i be m zany eo!

**Lilas Momegane :** ny tody tsy misy fa ny atao no miverina ho an-dry Lalatiana Rakotndrazafy sy ry Andry Rajoelina izany.

**Laura Follet :** leo b kosa izy mamaky lava eto hoe be m koa.

**Manda Raseta :** ka tokony manao chirurgie izy hanenany ilay molotra ko! Hihihiiiii!

**Tsalo Rkt :** maninona raha amboariny ny molony fa tsy ny olona no tsy avela haneho hevitra, izy ihany no tena mpanenjika olona, koa mba mahatantesa tsikera e!

**Zo Margaux Luanna Navarro :** nga matahotra ve hono iz ve we sa an an!? Mpitsikera tsy mahatanty tsikera izany Lalatiana Rakotondrazafy Andriantogarivo e!

**Claudye Soary Rama :** ka izy ni-critique dia tsy maintsy ho tsikerain'ny rehetra koa.

**Fanouh Randria :** diffamation no tsy azo atao, milaza vaovao tsy marina tsy azo atao fa raha izany mi-critique fiainan'olona maniratsira izany aloha dia tsy ho azonao ferana mihitsy satria misy an'izany daholo rehefa tany demokratika.

**Rajaonarivo Rija :** ny an'ilay madama ty zany rehefa azony ny fahefana de niova ho masina izy, fa raha tsy tafa teo zaho de mbola mitabataba sy manenjika olona foana no ataony matahotra ny ho tsikeraina amin asany izy de niazy no ataony tonga aloha de am zay ny olona tsy hitsikera fa matahotra ny higadra. Misy fetrany ny fahefana tompoko sady mbola hiverina olon-tsotra tsika afara ao, ka mba mandinihy hiany aloha.

**Radoson Rakotoarivelo :** zay maha fanjakana ny fanjakan, tokony hampihatra lalàna fa refeha ts hanao d tokon miala no mety. Nefa mpitsikera izy, dia tsy maintsy ho voatsikera mafy koa.

**Manda Raseta :** madama ah, zahay anie efa nobeazinao tao anatin'ny fitsikerana fiainan'olona manokana sy fanaratsiana olona be fahatany, tànana efa zatra nitsotra ny antsika ka tsy afaka avokona intsony, ary matoa nataonao ilay izy dia tsara izany, hihihihiiiiii!

## RANGOTRA KELY

# Laharam-pahamehana ny lalana

Laharam-pahamehana ny lalana, io indray no lohatenin'ny Rangotra kely eto amin'ny gazetinao androany. Lalana RN5 mankany Mananara Avaratra sy Maroantsetra, faritra Analanjirofo, no hita amin'ny sary izao, sahirana ny fiarakodia mihazo ny any an-toerana amin' izao fotoam-pahavaratra izao. Nisy nilaza fa tsy azo hanina ny lalana, iao no manaporofo fa tena ilaina sy laharam-pahamehana ny fanaovan-dalana. Ny filoha Marc Ravalomanana dia nanao sy manao laharam-pahamehana izany hatrany, hafa ihany i Dada. Asa izay mba hataon'ity fitondrana napetraky ny CENI sy ny HCC ity amin'izao fanaovan-dalana izay!



VOHEMARA

## Lehilahy iray matin'ny fitsaram-bahoaka

Zava-doza no nitranga tao amin'ny tanàna antsoina hoe : Ankiabe, Kaominina Anivorano-Nord Vohemara ny alarobia lasa teo, Lehilahy 2 lahy izay samy monina ao an-tanàna no nifamaly teo amina toeram-piasana anankiray, teo ampanaovana rabottage hazo hanamboarana trano, ny iray efa niasa teo aloha, rehefa tonga ity anankiray faha-2 izay nitondra hazo maromaro ho tsofaina, na hampalesina, dia niangavy tamin"ity voalohany hoe : azafady aloha mba hampidiriko vetivety ity ahy ity, tsy nanaiky ity voalohany. Fotoana fohy taorian' izay anefa dia lasa naka zavatra tany an-tranony ilay rangahy niasa voalohany, teo dia nanararaotra ity faharoa nampiditra ny hazony taminy machine, 2 tamin'ireo hazo no mbola tsy vita dia tonga ny anankiray avy any ary tezitra mafy, ka namely totohondry, tsy namaly ity faharoa, mbola nasiany ihany, ka lavo nianjera izy, ny anankiray manao taridositra, romotra anefa ny anao lahy ka naka Antsy Boroziny, ary dia nikapa, ka voa teo amin'ny fihirifany ity lehilahy namany ity, ka nidaraboka nianjera, mbola nokapaina ihany, af-po izy vao niala teo. Nentina haingana teny amin' ny toeram-pitsaboana ilay naratra, nony avy eo dia tonga ireo fianakavian'ilay voaratra, nisambotra ity nahavanon-doza, ary dia notaperiny teo ny ainy, ka nalevina ny zoma lasa teo, fa ilay rangahy maratra kosa nentina notsaboina any amin'ny Hopitaly-Be CHRR Besopaka Sambava amin"izao fotoana. Araka izany dia mbola azo lazaina fa mbola mahazo vahana ny fitsaram-bahoaka aty amin' ny Distrin'i Sambava. Marihina fa azo lazaina ho irony olona to-teny sy manana ny maha-izy azy ity voaratra ity, ka asa angamba mety ho lonilony ny amin'izany no antony nahatonga ity voalohany nandratra sy nikasa hanapitra aina toy izao.

***Zaka***

Ambatondrazaka

## Tokony halefa any Tsiafahy ireo nandrava tao Andrarabary

« Mangataka amin'ny tompon'andraikitra mahefa izahay mba handefasana ireo izay voasambotra tamin'iny fanafihana niseho tany Andrarabary Ambatondrazaka ny faha-09 janoary 2019 lasa teo iny, ka saika namoizana ain'olona roa », io no nambaran'ny fianakavian'ireo niharam-boina sy ny mpisolovava azy ireo raha namory mpanao gazety izy ireo ny faran'ny herinandro lasa teo. Nambaran'ireto fianakaviana ireto fa olona fito no voalaza fa nanao iny fanafihana iny, ka ny nahazendana dia olona mbola misazy ny roa tamin'izany. Olona efatra no efa voasambotry ny polisim-pirenen an' Ambatondrazaka tamin'ireo fito ireo ary efa saika tafaverina avokoa ny entana, ka isan'izany ny moto miisa roa. Efa nampidirana eny am-ponja ihany koa botra ireto raha ny nambaran'ireo fianakaviana voatafika ireo ihany. Manahy ny mety hisian'ny valifaty ireto fianakaviana ireto, ka nahatonga azy ireo mangataka ny handefasana ireo olona ireo any Tsiafahy aorian'ny fitsarana azy ireo, indrindra fa ireo izay fantatra fa mbola misazy. Nomarihin'izy ireo fa vehivavy no lehiben'ireto andian-jiolahy ireto sady mpimasin'izy ireo, izay efa notanana eny am-ponja ihany koa. Hentitra ny mpisolovava azy ireo, Maitre Njakarija raha nanambara, fa tokony ho jerena manokana ity olona misazy alefa mivoaka miasa ivelan'ny fonja itanana azy ity satria ireny hatrany no miteraka tsy fandriampaalemana eto an-tampon-tanànan'Ambatondrazaka.



*Ny solontenan'ireo voatafika tany Andrarabary.*

Naveriny tany amin'ny taona 2015 mihitsy ny tantara, izay nahitana olona misazy miisa efatra, isan'ireo fito nanafika tany Brieville izay sady nanao fanamiana mpitandro filaminana, no nitondra basy mahery vaika. Nisaorana ny zandary hoy izy fa sarona teo Morarano ireo olona ireo izay fantatra fa nisy mpiandry fonja voarohirohy tamin'izany ary afaka noho ny fisalasalana. Taorian'io dia nisesy ny vaky trano sy ny fidirana an-keriny tao antranon'olona teto Ambatondrazaka hoy ihany izy, ka rehefa nanao ny fanadihadiana rehetra ny polisim-pirenena dia nisy ny voasambotra ary sarona tao Mangarivotra Ambatondrazaka, sy tany Manakambahiny ny entana halatra ary dia mbola nisy ihany koa ny olona mbola voasazy tao anatin'ireo nanao ny asa ratsy ary voalaza fa mpiandry fonja no nanofa ny trano nasiana ireo entana raha ny nambaran'ity mpisolo vava ity ihany. Taorian'io fanafihana iray tao Tanamandroso izay nisiana mpiandry fonja voatonontonona ho niray tsikombakomba tamin'ny mpanafika izay fantatra fa mbola nisy olona mamita sazy ihany koa hoy izy ary izao indray ity fanafihana tao Andrarabary ity, izay mbola nisiana gadra ihany koa. Manoloana izay no mahatonga anay anao antso avo mba hijerena manokana ny famoahana voafonja iasa eny ivelany satria raha dinihina dia hita fa saika tafiditra ao anatin'ny tsy fisian'ny fandriampahalemana hatrany izy ireny hoy ihany ireo solontenan'ny olona voatafika sy ny mpisolovava azy ireo.

***Raoul***

Varotra tratry ny fandraraka

## Navotan'i Mr Haja tao anatin'ny fotoana fohy

Tsy lavitra fa teto Antananarivo no nisehoan'ny tantara : manana toeram-pivarotana goavana izy mivady, manana fiara ary manana mpiasa sy mpanampy ihany koa. Nandeha be ny varotra tao anatin'ny taona maromaro satria mbola niampy ny fiara, nandeha ny fanondranana entana any amin'ny faritany, ary tsy vitan'izany fa mbola nanitatra varotra tany amin'ny faritra hafa koa izy roa. Tampoka teo anefa dia nanjary nikorosy fahana ny varotra nataon'izy roa, nanjary niady lava tsy nifanaraka izy roa ary nanomboka rava harena. Tsy vitan'izany, fa ireo nanan-trosa tsy namerina, ireo mpiasa niala tsikelikely ary na ny fiara nampiasaina aza dia lasa reraka fotsiny izao ary sasatry ny miala vola mamelona azy ilay rangahy. Azo lazaina fa nikorontana tanteraka ny fiainan'izy mivady hatreo. Vaky vava ramatoa fa aleo hisaraka satria tsy mety intsony ity ary tsy hifanambina intsony isika roa. Tsy vitan'izy roa tsy mifanaraka intsony mantsy, fa nikorontana hatramin'ny ankizy ihany koa. Teo no nisy nahafantatra ny nomeraon'i Mr Haja **033 09 927 77** sy ny **034 09 800 86** mpitsabo eny Antombotokana Ampanefy Manjakandriana, ka ny ampitso ihany dia nihaona izy mirahalahy rehefa azo antso ity mpitsabo ity. Nokarakaraina izy satria nambaran'i Mr Haja fa fandraraka no nahazo azy ary ny hamotika azy mianakavy mihitsy no tanjony raha tsy voakarakara haingana. Namboarina aloha ny vintan' izy mivady ary mbola nisy fikarakarana hafa natao, ka vao nalefa nody izy roa dia niova avokoa ny zavatra niseho. Ireo nanananantrosa, avy hatrany dia niverina, ireo mpiasa niala niverina tsy nantsoina ary tsy vitan'izany fa ireo fananana simba sy rava dia nanomboka tafaverina avokoa. Niaiky izy mivady fa tena mosavy tokoa matoa izao no nahazo nefa dia fiainana efa nilamina tsara izao. Santionany io hoy ity mpitsabo ity, fa izay olona manana aretina manakotsako, tsy miteraka, olona torantorana, aretina bebe kibo, angatra, marary saina, areti-maso manjavozavo, olona voan'ny « sinusite », voan'ny « règle » tsy mijanona dia sitrana avokoa rehefa voakarakara. Ary tsy izay ihany hoy izy fa eo koa ny famahana olana ao an-tokantrano, famato ho an' ny omby, manao varotra fandroritana, mikarakara vintana tsy mahatambatra sns… satria mpitsabo raokandro malagasy aho hoy izy ary nomen' Andriamanitra fahasoavana manokana satria aleo mahita toy izay tantaraina hoy izy.

***Ny Akama***

Kaominina Ivato

## Zokiolona sahirana ara-pivelomana miisa 3000 nahazo fanampiana

Zokiolona sahirana ara-pivelomana miisa 3000 eo, ao amin'ny Kaominina Ivato, distrikan'Ambohidratrimo, no notoloran'ny Kaominina, notarihan'ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa fanomezana ny sabotsy teo, tao Ivato sy tao Mandrosoa, noho ny Asaramanitra amin'izao taom-baovao izao. Sakafo sy zavatra ilaina amin'ny fiainana andavanandro toy ny: vary, sira, siramamy, kafe, mofo, akondro, labozy, afokasoka, omby 2 no novonoina ho nofon-kena mitam-pihavanana, no nozaraina tamin'izany. Araka ny fanazavan'ny ben'ny tanànan'ny Kaominina Ivato, Penjy Randrianarisoa, tsy misy ambadika politika ny hetsika ara-tsosialy toy izao, fa efa fanaon'izy ireo isan-taona. Isan-taona dia mahatratra in'enina ny asa sosialy atao amin'ny mponina toy ny natao ny sabotsy teo, hoy ihany ny ben'ny tanàna. Izany hoe tsy amin'ny taom-baovao ihany fa misy koa ny fanaovana asa sosialy toy izao amin'ny vanim-potoana lehibe hafa amin'ny taona toy ny fetim-pirenena, sns… Ireo zokiolona sahirana ara-pivelomanana nahazo fanampiana ireo dia avy amin'ny fokontany miisa 13, izay mandrafitra ny Kaominina Ivato ankehitriny.

***Aly***



## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny mpamaky sy ny gazety izao manaraka izao. Karaman'ny mpitondra ambony: ilaina ny mangarahara. Fanambin'izao fitondrana vaovao izao ny ady amin'ny kolikoly, ny fisian'ny mangarahara. Hita ihany koa ny finiavana hanaja ny lalàna ary nizotra niaraka nanao fanambaram-pananana teo anivon'ny HCC, izay izy ireo no mandefa izany any amin'ny Bianco. Toy ny firenena mandroso rehetra, dia tsara ampahafantarina ny be sy ny maro izany ahitan'ny rehetra ny fananana teo ampiandohana, sy ny fitomboan'ny fananana isan-taona, satria ny fiaraha-monina no tena mahita ny fiaimpiainan'ireo mpitondra, ny tena fananany marina sy izay afenina (train de vie, patrimoine réel et patrimoine déclaré). Tsara ihany koa ny ahafantaran'ny rehetra ny karaman'ny Filoham-pirenena, ny Praiminisitra, ny Député, ny Hcc, ny CENI, ireo minisitra sy ny Talé Jeneraly, na minisitera na orin'asam-panjakana, ireo lehiben'ny Fitsarana sy ireo mpitsara sy izay mandrafitra ny Andrim-panjakana rehetra. Ireo Lehiben'ny Faritra, Ny Ben'ny Tanàna, ny Préfet, Ireo Miaramila, Zandary, Polisy ambony, ireo Mpiandry ala sy Mpiandry Fonja. Volam-bahoaka izy ireny ka mila fantatry ny vahoaka madoa hetra ny hanakaramana azy ireo. Hatreto raha ny fanadihadiana natao dia toy izao ny karaman'ny minisitra tamin'ny governemanta farany teo, talohan'izao vaovao izao: Karama= 1 450 000 ariary; Indemnités= 3 700 000 ariary; totaliny= 5 150 000 ariary (25 750 000 fmg). Tafiditra ao anatin'io daholo izay rehetra mety ho indemnités ary raha mahazo trano hipetrahana dia mihena io. Tsara ihany koa ny fampahatsiahivan'ny Praiminisitra ankehitriny ireo lalàna efa nisy efa ela, fa tsy nampiharina momba ny fiara plaque rouge, sy ny tsy fahazoana mampiasa jiro mirehidrehitra, sy anjomara (pin pan), ankoatr'ireo lehiben'ny Andrimpan-jakana, sy ny fanajana ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana, ka tsy hidirana lálana tsy azo aleha. Nefa misy karazany ny fiaram-panjakana, ao ny voiture de fonction, izay omena ireo mpitondra ambony, ka azony entina na andro na alina, na hitondrany vady aman-janaka, manaja fenitra kosa na izany aza, fa tsy hitondrana saribao amidy sy anaovana bizina. Ary ao ny voiture de service, izay momba ny asa mivantana ihany no azo ampiasana azy, izany hoe matory parking ministera izany ny alina sy ny week-end.

Tokony hasiana famantarana manokana anefa izy ireny anavahana raha voiture de fonction na voiture de service, ary asiana izay famantarana izay koa ny carte grise, ialana amin'ny hosoka plaque d'immatriculation, mba ho mora hitan'ireo mpitandro filaminana manakana misava ny ordre de route sy ordre de mission raha mivoaka ny faritra na ny fotoam-piasana ilay fiaram-panjakana. Tokony hisy fanenjehana henjana na ireo mamadika ho vola ny ticket carburant, na ireo gérant station mitsikombakomba amin'izany. Tsy misorona.

***Raharimanana Patrick***
***Mpanao pollitika, mpanaraka ny raharaham-pirenena.***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**02/02/19 hatramin'ny 09/02/19**

- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86/033 86 194 15
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/ 020 22 699 19/034 16 326 06

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 870-02-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

CUA

# Manomboka manasazy ireo fiarakodia mijanona amin'ny toerana tsy azo ijanonana

Ho fisorohana ny fitohanan'ny fifamoivoizana sy ho fanalalahana ny làlana eto an-dRenivohitra, izay anisan'ny vinan-dRamatoa Ben'ny Tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana, dia niroso tamin'ny fampiharana ny lalàna sy ny sazy ho an'ireo fiara rehetra izay mbola minia mijanona eny amin'ireo toerana izay tsy tokony hijanonana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) omaly, taorian'ny fanentanana sy fampahatsiahivana ho an'ireo olona manana fiara sy ny mpampiasa lálana nandritra ny fotoana maro. Araka izany dia nopetahana « chaine d'arrêt » sy « taquet d'arrêt » ary nomena taratasy fanasaziana mifandraika amin'izany avokoa ireo fiara izay mbola minia mijanona eny amin'ireo toerana tsy azo ijanonan'ny fiara, toy ireo izay mijanona eny amin'ny « trottoir », sy eny amin'ireo toerana izay efa misy takela-by manamarika fa tsy azo ijanonan'ny fiara. Tamin'ity andro omaly ity dia teny amin'ny faritra Ambondrona sy « Boulevard de l'Europe » iny izany fampiharana ny lalàna izany ary ry zareo avy eo anivon'ny Departemanta misahana ny fitaterana sy ny fifamezivezena an-dRenivohitra (DTMU), ny Polisy Monisipaly ary ny Polisy Nasionaly no niaraka nifarimbona nanatanteraka ny asa. Nanentana ireo mpampiasa lálana ny Talen'ny Departemanta misahana ny fitaterana sy ny fifamezivezena an-dRenivohitra avy ao amin'ny CUA, Raveloson Landy Harilala, mba samy hanaja ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana, ka tsy hijanona eny amin'ireo toerana tsy azo ijanonana ho fanatsaràna ny fifamoivoizana eto an-dRenivohitra ». Tsara ny manamarika fa tsy hijanona hatreo ny asa fa mbola hitohy eny amin' ireo faritra hafa eto an-dRenivohitra.

**Serge**



*Ny mpiasan'ny CUA, manasazy ireo fiarakodia mipetraka amin'ny toerana tsy azo ijanonana.*

Sambava

# Ahiana ho lany manta ny vokatra lavanila




Ahiana ho lany manta ny vokatra lavanila amin'izao fotoana any Sambava, renivohitry ny faritra Sava. Saika isan'andro dia andrenesana fitarainan'ny tantsaha mpamboly lavanila halatra lavanila mbola tsy matoy akory, satria vao tamin'ny volana desambra teo vao mba namoaka voniny na fleur ity vokatra fanondrana ity. Tsy vitan'ny mangalatra ireo dahalon-davanila fa tena potehiny tanteraka ireo fototra lavanila rehefa avy nalainy ny voany. Toy ny tranga niseho tao amin'ny Fokontany Masovariaka, Kaominina Farahalana ny farampara'ny volana janoary lasa teo. Lavanila manta tokony ho 30 kg, notazana manta, ary avy eo notetehiny ny foto-davanila 75 fototra, tena nahatsiaro ho voa mafy ity raim-pianakaviana ity amin'izao isika miteny izao, satria vola an-tapitrisa maro no indray potika. Araka ny voalazan'ny lehiben'ny andrimasom-pokonolona dia efa nangalarin'olona toy izao ihany koa ny lavanilan'ity olona ity, tamin'ny taon-dasa, ka nisy ny fifandonana ary nisy maty ireo dahalo. Azo heverina fa valifaty ve izany ity indray mitoraka ity. Ny zava-misy aloha dia miferin'aina ireo tantsaha mpamboly lavanila, noho ny hafitsok'ireo jiolahy. Ahiana ho ratsy ny vokatra amin'ity taom-pamokarana ity. Miandrandra ny fanjakana mba hijery haingana ny fepetra mba hampitsaharana ity halatra lavanila ity ny mpamboly aty amin'ny faritra SAVA, satria io no mba fotopiveloman'ny olona, sady aty SAVA rahateo no renivohitry ny lavanila eto Madagasikara.

**Zaka**

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 269




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0268)

**Mitsivalana**
- Renirano
- Alika
- Kasainay
- (V)itsika
- Ma – Nofy (Miv)
- Tan(y) – Ha
- Anilako

**Mitsangana**
- Rakemba
- Ela
- Nisy – Ti
- Taky (Miv) – (V)al(a)
- Raisina
- Nif(y)
- Akoho
- Oviana ?

# TENY MIFANARAKA N° 269




**Mitsivalana**
**1.** Vahoaka isam-pokontany **2.** Renivohitra **3.** Mitady, maniry – Enti-milaza **4.** Ino ? – Haja sy voninahitra **5.** Fanampin'anarana – Poritra (Miv) **6.** Vazo (BL) – Tsy sarotra (Miv) **7.** Fofona mahery (Miv) – Lalampirenena **8.** Mpanoritra – Maneho eo amin'ny tsiraray **9.** Aiza ? – Sakoroka **10.** Andro

**Mitsangana**
**A.** Fanodinana **B.** Renirano – Lakroa (Miv) **D.** Maneho fahatsarana – Naoty (Miv) **E.** Saro-bahana indraindray – Mandá **F.** Mampisafidy – Rahalahin'i Abela (Miv) **G.** Toloranareo **H.** Tehaka – Malaina (BR) **I.** Kianteny (Miv) – Tovona (Miv) – Tolona **J.** Vaventy – Mampiray (Miv) **K.** Zanak'i Dada – Tolorana

## Valiny Teny mifanaraka 0268

**Mitsivalana**
1 Gorodona 2. Alimo - Sy 3. Tanimbary 4. Andrianina 5. Rora - Divay (Miv) 6. Vava (Miv) 7. Fonina (Miv) 8. Ana - Anan(a) 9. Om - Amalona (Miv) 10. Fia (Miv) - Aminao

**Mitsangana**
A. Gitara - Toa B. Avona (Miv) - Mi D. Randrana E. Olirovina F. Dimy - Nana G. Ombaina - Om H. Noana - Faly I. Rivo - Nan J. Siny - Mama K. Fy - Ady - Nao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Ravalomanana mivady nanatrika ny faha 150 taonan'ny FJKM Faravohitra.









Ny CUA namangy ireo tra-boina tamin'ny fihotsahan'ny vatobe teny Ampamarinana, ny alahady teo, teny amin'ny hopitaly HJRA.







